# Ilay Voa Tsara Nafafy 15 Septambra 2019

**15** **Alahady**
septambra

**Mifanompoa amin'ny fitiavana. Fa tanteraka amin'ny teny iray ihany ny lalàna rehetra, dia izao : „Tiava ny namanao tahaka ny tenanao".**
Galatiana 5. 13, 14

**Aoka isika rehetra samy hitady izay hahafaly ny namantsika, amin'izay hahasoa sy hampandroso azy.** Romana 15. 2

**Tia ny namana**

*Misy fo ao anaty fahoriana*
*Eo akaikintsika eo, isanandro.*
*Feno loatra ny kapoakany mangidy,*
*Tsy misy fitiavana ao amin'ny fiainany.*
*Misy ranomaso miafina,*
*Toloko mavesatra mameno ireo alina,*
*Fiainana simba,*
*Fahasambarana rava…*

*Afaka mitondra ny fahazavana ianao,*
*Tahaka ny tanamasoandro,*
*Afaka mampiseho sombin'ny lanitra*
*Amin'ny alalana vavaka.*
*Atolory ny tsikinao mahafinaritra*
*Ho an'ny malahelo eny an-dalana ;*
*Ary na dia tsy miteny aminy aza ianao,*
*Dia atolory azy ny tananao !*

*Mandehana, mamafaza hafaliana kely :*
*Satria, matetika, kely ihany dia efa ampy*
*Hanazavana ny lalan'*
*Ny fo iray maratra sy mangovitra.*
*Tiava toy ny itiavan'Andriamanitra antsika,*
*Ento ny fiadanana, ny fanampiana ;*
*Koa tiavo mandrakariva ny namanao,*
*Tahaka ny tenanao ihany.*

*C. Roth*